NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Ary noho izany izahay koa dia tsy mitsahatra misaotra an'Andriamanitra, satria rehefa nandray ny tenin'Andriamanitra izay notorinay hianareo, dia tsy noraisinareo ho tenin'olona, fa araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra, izay miasa ao anatinareo izay mino koa."

I Tesaloniana 2:13

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Maromaro ireo hadalana nataon'i Rinah Rakotomanga

Hetsika Montpellier : lasa, voadaka i Rakotomanga Rinah.
Vita ny famindram-pahefana. Lasa tsy talen'ny serasera ny présidence intsony ilay :
- nanompa ny mpanohitra hoe 6% imbeciles.
- nanagadra ny mpanao gazety Arphine Helisoa tsy @ antony.
- nanodinkodina ny volan'ny Smmc.
- namono hasina ny miaramila.
- ary mbola nitsabaka andraikitra ihany, nanambara ny fanoloana azy t@ facebook talohan'ny fanapahan-kevitra ofisialy.

Bertrand Bezokiny: maro loatra hakondranana nataon'i Madamo io, nahatonga azy limoger zao io.

Gael Pat Andria : nampalahelo ry reto ny niafaran'I IMBECILE fa nidiran'andro tampoka fa tena tonga dia voatsoka tao Andapa tao hono izy a ! Mamay be izy am zao, fa tsy mahazo midikiditra ao tsony. Otran'ny nisy nanisy ny tolaka hoe, ngamba napoakan'i B…

Bus Antananarivo : fombany zao e... Mbola ho lasa lavitra zao an...

Njaraniaina Miavaka Rnb : kiiiiii, kôzy ve lee, tena mampalahelo ndray zany leee!

Mahefasoa Rakotomalala : ny 6% mandray fôna a !

Marwan Habib : avelao izy hihinana TAOLANA.

Juliette Raminosoa : mety tsy taolana ho hohaniny fa gagazo ato ho ato a !

Noro Rajaonarisoa : mipitika hoy isika? Jerena hay io nahazo toerana hafa indray ! Izay ilay hoe ny hety ihany no ciseaux. Wait and see !

Lala Rasoa : izy ary ni-pub tato fa nomena andraikitra hafa ao ihany. Ka nafindra toerana fotsiny, sa an an an.

Hanta Razafy : gravy mitsy ty fankahalana ty ka...mampivika keli dray2.

Jak Mil : raha maninomaninona hono izy dia tsy miala amin Ravalo. Dia Ravalo zany zao nanala anao tao ko. Hihiiiii !

Fitiavana Mahandry : mety nanao triple monté tamin jog pro koa ngamba dia kobo ny ôsika.

Mouhaji Arrahif All-zahel : mety hoe feno ve ny kapokan'ny tao Andapa dia nisy nanontsana @zay?

Marthe Rehita : Mouhaji Arrahif All-zahel : maninona moa rehefa nesorina dia miala, malahelo NY tongolo NY Egypte eee! Kkkkkkk!

Solofo Randriamasinoro : i Prezida mila mahay mahalala ny olona mahay miaraka aminy, fa izy te hanao zavatra

ihany, fa misy manodidina azy manipy hoditrakondro fotsiny , mirary soa ho an'ilay solon'i Rinah, mba ho mendrika izy @ andraikitra nomena azy.

New Kelly : houaayyy hhou aaahhh ry Lalaaaaaa, Ary tena?...

Laura Randianasolo : mbola ho avy koa ny anjaran'ny sasany!

Rivo Lala : mitadiava hevitra raha mbola te hipetraka eto Dago !

Zava Andria : inona kia no hidirako.

Yantra Nico Beauté : ilay iray nisolo azy ty koa ôtran'ny endrika hafahafa.

Zooky Kely : Yantra Nico Beauté : io ary no tena fooza hiringiriny!

Nosy Rivomalala : Kotozafy no Lexis ve sanatria? tsy maintsy ho tsaraina ny ratsy vitanao ramatoa Rinah a! AZA MBA MANAO RATSY IHANY WA E! HA HA HA HA !

Raherimalala Eliane : enao ve mme vao2 tsy ôtrany teo aloha ihany ny zavatra hataonao ?

Hanitriniaina Marie Hélène Razafiarisoa : tongo-bakivaky ty sady maharary no mahamenatra. anatra ho an'ireo izay mîtovy 2 toetra aminy ao ka mbola eo amin'ny seza .mipetraha tsara dia mamitsaha, ataovy ny asa , fadio ny vava be fa tsy seza novidianao io ka hoe ho anao mandrakizay.

Soniah Soniah : lay nilaza fa zareo zao no mitondra dia zay tiany io, lay nilaza fa raha 30000ar sahaza ho an gasy tam fanampina, ry gasy voreboretra....zay moa lay izy ry Rinah?

Mahefa Vononkiatrika : Soniah Soniah : GASY VOREBORETRA, nefa izy izao nodiovin'ny olona ! Efa zatra manondratsondrana hay raha izany Rinah ty.

Arp Helisoa : izay ilay hoe mandalo ny toerana, fa mba manaova ny Tsara ihany. Ny fireharehana koa mandalo , ny vahoaka mitoetra.

Finette Rasoa : affaires maloto bianco niongana ihany imbéciles mpiady tsena, faly daholo ny vahoaka Malagasy, miseho manambany. Milliards halatra, mpiady tsena raha i Rinah.

Basket-ball, Raharimanantoanina Sitraka

2,07 m; 20 taona; tafiditra amin'ny listra NBA Draft 2021

Tafiditra ao anaty lisitry ny Basket NBA Draft 2021, izay navoakan'ny NBA ilay mpilalao basikety Malagasy milalao ao amin'ny ekipan'ny Chalon (France) ankehitriny. Nambaran'ny NBA tany New York tamin'ny alarobia 03 jona 2021 lasa teo, fa mpilalao miisa 353: mpilalao 296 avy amin'ny Oniversite sy andrim-pianarana hafa any Etazonia ary mpilalao 57 iraisam-pirenena, no nametraka ho mpilatsaka hofidiana ho an'ny Draft NBA 2021 natolotry ny State Farm. Marihana fa i Sitraka Raharimanantoanina dia vao 20 taona monja, mirefy 2,07 metatra ary mpilalao mpikambana ao amin'ny ekipam-pirenena Malagasin'ny Basikety ankehitriny. Izy dia mpilaolaon'ny ekipan'ny Dream Team Sc (Madagasikara) teo aloha (2017-2018), sy efa mpilalaon'ny ekipan'ny Chalon/Saône (Espoirs) ihany koa (2018-20). Marihana fa ny NBA Draft 2021 natolotry ny State Farm dia hatao amin'ny alakamisy 29 jolay 2021 manomboka amin'ny 3 ora, ora Malagasy.

Raharimanantoanina Sitraka, Malagasy manana ny maha-izy azy eo amin'ny basket-ball.

Rainilita

Federation Internationale de Judo

Mbola lany ho filoha indray i Marius Vizer

Mbola lany ho filohan'ny "Federation Internationale de Judo" indray ilay Aotrisiana Marius Vizer, izay efa nitantana an'izany rafitra izany nanomboka tamin'ny taona 2007. Tao anatin'ny kongresin'ny FIJ 2021 natao tany Budapest Hongrie tamin'ny alakamisy 3 jona 2021 lasa teo, no nahalany azy indray eo amin'izany toerana izany, ka mandritra ny 4 taona indray izy no hisahanha an'izany andraikitra izany. Mitohy araka izany ny ezaka efa natombok'ity filohan'ny FIJ ity hatramin'ny taona 2007 ity, hoentiny hampandroso ny taranja Judo maneran-tany.

Marius Vizer, filohan'ny FIJ.

Rainilita

Volley Ball Analamanga

Hanomboka amin'ny sabotsy heriny ny taompilalaovana 2021

Hanomboka amin'ny herin'ny sabotsy 12 sy ny alahady 13 jona 2021, eny amin'ny kianja "Cité des Assureurs" eny Itaosy, ny taom-pilalaovana 2021 ho an'ny taranja volley ball eto amin'ny ligin'Analamanga, rehefa voatery nahemotra imbetsaka ihany noho ny fianahan'ny valanaretina covid-19. Ny fiadiana ny hotomponakan'ny sokajy sénior no hanombohana izany "championnat" izany ny sabotsy 12 fa any amin'ny faha-19 jona kosa vao hanomboka ny fifaninanana hoan'ny sokajy tanora. Fandaharandalao ny sabotsy 12 sy ny alahady 13 jona : sabotsy 12 jona 2021 manomboka amin'ny 1ora30 antoandro: T1 2DF : SQUAD 1#ASSM T2; 2DM : ASSM1#RVB T3; 2DF : SQUAD2#RVB T4; 2DM : CVBA#ASI. Alahady 13 jona manomboka amin'ny 8 ora maraina : T1 1DM : G N V B 1 # J A K ; GNVB2#COSFA T2; 2DF : VOARA#CCVB; 1DF BIAS#VOARA T3; 2DM : TSVB#JSA; 1DM VOARA#ASI T4; 2DM : S D V # M V B C ; CVB#HZMA.

Rainilita

Lalao volley-ball tamin'ny ligin'Analamanga.